Azo alaina ao amin'ny
www.jw.org/mg ity PDF ity

Ireo Zanakalahin'i Jakoba

GENESISY TOKO 37

NANAO **RATSY** NY ZANAK'I JAKOBA FOLO LAHY INDRAY MANDEHA, REHEFA NIANDRY NY ONDRIN'NY DADANY TANY KANANA.

NODY TANY AN-TRANO ÀRY I **JOSEFA,** ZANANY ALOHAN'NY FARANY, KA **NANDAZA** AN'IREO ZOKINY **TANY AMIN'NY DADANY.**

BE HERIM-PO IANAO ANAKA NILAZA IZANY TAMIKO. **TENA FALY AHO** AMIN'IZANY! ITY MISY **AKANJO** TSARA TAREHY NAMPANAMBOARIKO HO ANAO.

MBOLA TSY NOMENY AKANJO TSARA TAREHY IZANY MIHITSY ***AHO!***

HOATRAN'NY HOE I **JOSEFA IHANY** NO OLONA!

IANGARAN'I DADA I **JOSEFA!**

JEREO ***ANGE E!***

TSY TIAKO MAIZINA INY!

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

NANONOFY I JOSEFA, TATỲ AORIANA.

NANANGONA AMBOARA TANY AN-TSAHA ISIKA, DIA NITSANGANA TAMPOKA NY AMBOARAKO.

DIA NANODIDINA NY AMBOARAKO NY AMBOARANAREO, AVY EO, ARY **NIANKOHOKA** TEO ANOLOAN'NY AMBOARAKO.

DIA **HANJAKA AMINAY** IZANY IALAHY?

FA MIHEVITRA AN'IALAHY HO **IZA** IALAHY E?

NANONOFY INDRAY I JOSEFA.

... ARY **NIANKOHOKA TEO ANATREHAKO** NY MASOANDRO SY NY VOLANA ARY NY KINTANA 11.

TSY ZAKAKO INTSONY IZAO KA!

AIZA VE DIA IZY FOANA NO **MISONGADINA** ISAKY NY MANONOFY IZY!

TE HILAZA VE IANAO RY JOSEFA HOE HIANKOHOKA **EO ANATREHANAO** DAHOLO IZAHAY SY NY RENINAO ARY NY RAHALAHINAO?

ARY SAO DIA TE HILAZA ZAVATRA AMINAY ÀRY I **JEHOVAH...**

TATỲ AORIANA...

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

JOSEFA A, NIRAHIKO HIANDRY NY ONDRIKO NY RAHALAHINAO. MANDEHANA MBA **TADIAVO RY ZAREO,** DIA JEREO RAHA TSY MISY MANINONA IZY SY NY ONDRY.

ENY RY DADA A!

INY FA TAMY ILAY **MPANONOFY!**

ANDAO **HOVONOINTSIKA** IZY DIA HATSIPINTSIKA AO ANATY LAVAKA.

NIARO AZY ANEFA I **ROBENA** LAHIMATOAN'I JAKOBA.

TSY TOKONY HOVONOINTSIKA IZY.

AMIN'IZAY DIA HO **VITA HATREO** NY NOFINY!

DIA INONA NO HOLAZAINTSIKA AMIN'I **DADA?**

HATAONTSIKA HOE LANIN'NY **BIBIDIA** IZY.

AZA MIKASI-TANANA AZY FA ATSIPAZO AO ANATY LAVAKA IZY.

HOVONJEKO IZY AVY EO DIA HOENTIKO MODY.

NAMIDIN'NY RAHALAHINY ANEFA I JOSEFA KA TSY AFAKA NAMONJY AZY I ROBENA.

IRENY MISY **MPIVAROTRA** HO ANY EJIPTA!

ANDAO **HAMIDINTSIKA** AMIN'IRENY I JOSEFA MBA HO **ANDEVO.** HOATRAN'NY HOE MATY IHANY IZY AMIN'IZAY!

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

NIVERINA TEO AMIN'NY RAHALAHINY I ROBENA ARY HITANY FA TSY TAO INTSONY I JOSEFA.

INONA IZAO NO HOLAZAIKO AMIN'I **DADA?**

TSY AO INTSONY NY ZAZA! FA **NATAONAREO** INONA IZY?

AZA MATAHOTRA ROBENA A! AO FA **HAMORON-DAINGA** ISIKA...

... DIA NAHITA AN'ITY **AKANJO** ITY IZAHAY.

AKANJON'I **JOSEFA** ITY! NOHANIN'NY **BIBIDIA** IZANY I JOSEFA!

MATY NY ZANAKO!

TSY MATY ANEFA I JOSEFA...

HO HITANTSIKA AO AMIN'NY TANTARA AN-TSARY MANARAKA **NY ZAVA-NITRANGA** TAMINY TANY EJIPTA.

INONA NO IANARANTSIKA AVY AMIN'NY ZANAKALAHIN'I JAKOBA?

NAHOANA NO **NALAZAN'I** JOSEFA TANY AMIN'NY DADANY IREO RAHALAHINY REHEFA NANAO RATSY?
LEVITIKOSY 5:1.

NAHOANA NO **TSY TIA** AN'I JOSEFA NY ZOKINY SADY **NANDAINGA** TAMIN'NY DADANY?
JAKOBA 3:14.

AHOANA NO TOKONY HATAONAO REHEFA MAHAZO ZAVATRA **TIANAO** HANANANA NY IRAY TAM-PO AMINAO NA NY NAMANAO?
ROMANINA 12:15; 1 PETERA 1:22.

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania